

GERP

gerp.squarespace.com www.gerp.mg

ASLM Houston Zoo

1994 - 2019 GERP
MIARO VARIKA: MIARO ALA, MIARO AINA

# Ny Soimanga

Araky ny tantara amerendianina
"Le colibri"

Nandrindra sy nanoratra : *Catherine Rhiat*
*colibri59cr@gmail.com*

Sary : *Colette Mayeur*

Nandika amin'ny teny malagasy :
*Hubert Tsilavina Fanomezantsoa*
*Herisoa Podwika Rafaralahisoa*

Association pour la Sauvegarde des Lémuriens de Madagascar

*2016*

TSY AZO AMIDY

Angano ho an'ny ankizy

Fampahafantarana ireo biby sy ireo alan'i Madagasikara

Tany aloha ela be
tany dia niara
niaina
ny olombelona sy
ny biby.




Araka ny tantaran'Ibabanikoto,
rehefa nihamaro ny olombelona,
dia nizara ka nanapa-kevitra ny hivoaka ny ala ny sasany
tamin'izy ireo mba hamboly.

**Raha amboly izy ireo dia, nandoro ala maro...**
**Izany no fomba fambolena nenti-paharazana izay antsointsika hoe "tavy" ....**

**Nanomboka namboly vary sy mangahazo ary izy ireo.**

**Rehefa afaka taona vitsivitsy anefa, dia tsikaritra fa nihena ny vokatry ny tany**

**...**

**ka teraka ny hevitra ny handoro toeran-kafa indray.**



**Indray andro anefa rehefa nandoro ka nikasa ny hamboly indray izy ireo,**



**dia nisy rivotra nitsoka…**

**Nitsoka mafy ilay afo ka niitatra teny amin'ny ala.**

**Sadaikatra  Raolombelona...**
**satria haingam-pandeha ny afo.**


# Ireo karam-biby rehetra tao anatin' ilay ala dia vaky tebiteby avokoa, nalemy tsy nahalala izay atao rehefa nahita io trangan-javatra io....



*Ny sokatra*



*Ny gidro*



*Ny bibilava*



*Ny vorona*



*Ny tsipeko*



*Ny vontsira*



*Ny sahona*



*Ny babakoto*

**Ny gidro,**



**ny fosa,**





**ny vorona,**

**ny sahona,**



**ny bibilava**



**sy ny bibikely**



**….**

**dia samy tsy ary nahita ilay afo be miredareda**

**Nony nitsoaka nanavotr'aina ny sasany tamin'izy ireo, indro kosa ilay vorona kely dia tsy iza fa i Soimanga.**



http://1000-pattes.blogspot.fr/2017/07/madagascar-j6-souimanga-malgache.html

GERP

ASLM



**Tsy nitsahatra nitati-drano tamin'ny vavany io vorona kely io mba hamonoany ny afo.**

Talanjona ilay Sokatra
raha nahita ny
vezivezin-dRasoimanga.



O ry Soimanga à,
ho reraky ny fivezivezena
eo anie ianao e
...
Fantatrao tsara fa tsy
ahafaty io afo io ireo rano
kely izay taterinao !

Namaly azy ilay Soimanga nanao hoe :

Fantatro tsara izany fa
vitaiko aloha ny adidiko !



Ary ianao koa anie,
afaka manao ny
adidinao e...

**Sondriana ireto biby namany.**

**Taitra ilay Gidro ka niteny hoe :**

**Hanampy anao aho ry Soimanga**

**…**

**Tsy mahavita tahaka ny anao aho fa haiko kosa ny mampiasa ireo bararata ireto**

**…**

**Ireo no ampiasaiko hitaterako rano**



https://robinhoskyns.wordpress.com/tag/prolemur-simus/



http://tropical.theferns.info/image.php?id=Cathariostachys+madagascariensis

# Nanaraka azy ity Vontsira :



https://www.pinterest.fr/pin/443323157040877712/?lp=true

**Ny ahy ry ireto ny hohoko no ampiasaiko, hiady tany aho mba tsy hiitaran'ilay afo !**

GERP

ASLM

**Maro ireo biby nanampy azy ireo...**

**izy rehetra niaraka no nahafaty an'ilay afo.**



# Araky ny tantara amerendianina "Le colibri"

Nandrindra sy nanoratra : *Catherine Rhiat*

Sary : *Colette Mayeur*

Nandika amin'ny teny malagasy :
*Hubert Tsilavina Fanomezantsoa*
*Herisoa Podwika Rafaralahisoa*

*gerp.squarespace.com*
*www.gerp.mg*

*colibri59cr@gmail.com*



http://m8.i.pbase.com/o2/37/741337/1/107115818.iKcT20Sy.SouimangaS_er2005.jpg



http://directorsblog.health.azdhs.gov/wp-content/uploads/2013/07/fire1.jpg

## Angano ho an'ny ankizy
## Fampahafantarana ireo biby sy ireo alan'i Madagasikara